## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**04/02/2023 hatramin'ny 11/02/2023**

- **FANOMEZANTSOA** (Ambondrona) 020 22 286 85
- **ANKAZOMANGA** (Ankazomanga) 020 23 302 68/032 12 714 17/034 12 714 17
- **MAEVASOA** (Enceinte immeuble Castello Anosizato) 034 39 186 69
- **ANKAZOTOKANA** (à 600m Jumbo score vers Ambanidia) 020 22 354 42
- **RAZAFIMANDRANTO** (Analakely en face esplanade pavillons) 020 22 234 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1401-02-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

KAOMININA AMPITATAFIKA

# Nampahafantatra tolotrasa ho ana tanora miisa 600 teo




***Ny fampahafantarana fiofanana sy momban'ny tolotrasa nataon'ny kaominina Ampitatafika.***

Fampahalalana tolotrasa miisa 3 ho an' ny tanora ao amin' ny Kaominina Ampitatafika, Antananarivo Atsimondrano sy ny manodidina, izay natao tao amin'ny ''Villa Yaveh Maria'' Ambodiafotsy ny herinandro teo, no nokarakarain'ny fiadidian'ny Kaominina Ampitatafika, tarihan'ny Ben'ny tanàna Ramparaoelina Rado. Nampahafantarina ny tanora ny fianarana momba ny zaitra, ny lakozia, ny Informatika, izay amin'ny sarany 45000 Ariary, ny fiofanana momba ny fikirakirana an'ireo milina hahafahana miditra miasa amin'ny ''Zone franche'', ny fiofanana hahafahana miasa eny anivon'ireny sambo mpitondra mpizahantany any ampitan-dranomasina ireny, ka mahatratra hatramin'ny 280000 Ar ny saran'ny fiofanana. Nilaza ny Ben'ny tanàna Ramparaoelina Rado, fa tsy mitaky maripahaizana ny fanatanterahana ny fiofanana momba ny Zaitra sy ny lakozia ary ny Informatika ary mitaky fahaiza-manao mikirakira milina kosa ny fiofanana amin'ny ''Zone franche''. Nnamafy ity olom-boafidy ity, fa miainga amin'ny mari-pahaizana Bepc kosa ny fiofanana amin'ny sambo lehibe ary mbola saran'ny fisoratana anarana, ''Frais de stage'', misedra fitsapam-pahaizana, mandoa saran'ny fiaramanidina ary ny saran'ny ''Visa'', alohan'ny hiaingana mankany ivelan'i Madagasikara. Nilaza ny Ben'ny tanànan'Ampitatafika, fa mijanona eo amin'ny fizarana fahalalana tolotrasa fotsiny ny Kaominina ary mbola nanome mivantana ny fomba hahafahan'ny tanora mifandray mivantana amin'ny mpampiofana azy ireo, raha toa ka liana hiroso amin'ny fiaranana asa. Marihina fa ho fampihenana ny trangana tsy fandriampahalemana amin'ny alalan'ny halatra maro samihafa vokatry ny tsy fisian'asa no nahatonga ny fiadidian'ny Kaominina, niroso tamin'ny fampahafantarana an'ireo tolotrasa ireo, mba hahafahan'ny tanora mandray andraikitra sy nahaleotena eo amin'ny fiainany.

***Franck Razakambelo***

AFK


# Azo fehezina ny tsy fandriampahalemana

Avela ho potika bebe kokoa noho izao efa misy izao ve ny firenena? Heverina fa samy handà izany avokoa, amin'ny tsy hahatongavan'izany, ny olom-pirenena izay sarotiny sy saro-piaro amin'ity firenena ity. Tsy ivelan'ny fiaraha-monina akory, fa eny anivon'ny fokontany izay eny ifotony no ipoirany sy itrangan'ny tsy fandriampahalemana eto amintsika. Iaraha-mahalala tsara, fa mirongatra izy io, ary hita ho sahirana ny mpitandro filaminana amin'ny fifehezana azy. Isehon'izany avokoa, ary tsy misy an-kavanaka intsony ankehitriny, manerana ny toerana sy faritra rehetra eto amin'ny Nosy. Lasibatra ny asan-dahalo na jiolahy mpanendaka na mpamaky trano na asa ratsy rehetra ny ambanivohitra sy an-tanàn-dehibe. Tsy misy fotoanany intsony fa andro aman'alina. Ary ny loza dia tena efa lasa lavitra tanteraka ny fisehony, fa feno habibiana mihitsy, ary toy ny heverina tsy olona intsony no mahavita izany. Tsy misy izay tsy mikaikaika ny amin'izany ny vahoaka.
Raha ifotorana, manao ahoana ny fanaraha-maso ny mponina eny anivon'ny fokontany tsirairay avy? Voaara-maso tsara ve ny olona monina ao ary fantatra mazava izy ireo? Manao ahoana ny fanaraha-maso ny olona miditra mpifindra-monina hiorim-ponenana ao anaty fotoana fohy na haharitra? Ahoana ny amin'ny fampiantranoana vahiny sy ny haharetany mitoetra ao amin'ny hivahinianany? Miankina amin'ny fifehezana izany rehetra izany no hampitoetra ny fandriampahalemana eny anivon'ny fokontany tsirairay. Avahana tsara, tsy mitovy amin'ny ambara amin'ny teny vahiny hoe "Etat – policier" no tiana holazaina eto, fa tsy fandraisana andraikitra feno sy ara-dalàna sahanin'ireo tomponandraikitra eny amin'ny fokontany. Rehefa milamina ny fitantanana ny fokontany amin'izay lafiny izay, voafehy ny tsy fandriampahalemana.
Ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), dia manana ny vahaolana amin'izany lalana hifehezana ny fandriampahalemana eny anivon'ny fokontany izany. Eo am-pelatanany ny fitaovana sy fomba hanatanterahana izany. Ho voaara-maso akaiky ny momba ny mponina (ireo mitoetra sy monina, ny mpiavy, ny vahiny mandalo,…). Mila miresaka mivantana amin'ny tomponandraikitr'ity vovonana ity ny hahafahana mahafantatra ny antsipiriany amin'izany. Tsiahivina, hisy ny varavarana misokatra hotanterahiny ny Alarobia 8 Martsa 2023 izao. Ny laharana azo ifandraisana : 0341746053.

***Aris***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 423




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0422)


*Mitsivalana*

- Manakana
- Ela- In
- Ianareo
- Arina - TD
- Satana
- Osa (miv) - (L)afo
- Tay - Ome

*Mitsangana*

- Mpiasa
- Tsara (miv)
- Nenitoa
- Alàna
- Karana
- Afo
- Niot(y) - OM
- An(a) - Do

## TENY MIFANAPAKA N° 423




**Mitsivalana**

**1.** Toerana tsy lavitra **2.** Tamy - Vahoaka **3.** Mifanao aloha sy aoriana **4.** Tetika - Hekitara (miv) **5.** Mampisafidy - Rano raraka (miv) **6.** Nitsofoka - Maneho fitoviana **7.** Tsy mitovy - Banky malaza **8.** Alina **9.** Enti-milaza - Ao amin'ny Baiboly - Kanto **10.** Sakoroka - Asa tànana fanao lafika

**Mitsangana**

**A.** Mampilaza **B.** Miantso - Tovona **D.** Niova toerana, fonenana **E.** Tsy lavitra azy **F.** Kapoka - Haja sy voninahitra **G.** Tia, iry - Nifoha, niharina tampoka (miv) **H.** Arehitra **I.** Tsirin-teny Iharana - Fitaovam-piadiana **J.** Nasondrotra (BR) - Ohatra **K.** Avadikay tanteraka

### Valiny Teny mifanaraka 0422

*Mitsivalana*

**1.** Fanolanana **2.** Iza - Ovy - Vy (miv) **3.** Aina - Ianao **4.** Varira **5.** Aomby - Kapa (miv) **6.** Noely - Haka **7.** Asaly (miv) **8.** Ndao - Ino **9.** (S)aina - Sakay **10.** AA - Fy - Asa

*Mitsangana*

**A** Fiadanana **B.** Azy - Dia **D.** Nanomezana **E.** BL- Ao (miv) **F.** Lo - VIII **G.** Avia - Lisy **H.** Hiiarahana **I.** Nipasoka **J.** Niaraka - As **K.** Avoaka - Tia